# Ny Dikantenin'i Joseph Smith

## Naverin'ny Tompo tamin'ny laoniny ireo fampianarana fanampiny tamin'ny alalan'ny Dikantenin'ny Baiboly ny Dikantenin'ny Baiboly nataon'i Joseph Smith.

Afaka mahita ny bokin'i Mosesy ao amin'ny soratra masinao ve ianao? Naverin'ny Tompo tamin'ny laoniny ny fahalalana fanampiny tamin'ny alalan'ny Dikantenin'i Joseph Smith, anisan'izany ny fahitana sy ny fampianaran'i Mosesy sy ny hafa. Ireo dia voarakitra ao amin'ny Bokin'i Mosesy ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy.

Vakio ny Mosesy 1:3–4, 6, 8, 39. Tadiavo ny zavatra nianaran'i Mosesy momba ny tenany sy ny Tompo nandritra ny fahitany. (Azonao atao koa ny mikaroka ireo andininy tianao indrindra ao amin'ny Bokin'i Mosesy.)

- Ahoana no ahafahan'ireo fampianarana ao amin'ireo andininy ireo manampy antsika rehefa miezaka ny hanaraka ny Mpamonjy isika?
- Nahoana no mety ho feno fankasitrahana ny olona iray noho ny zavatra nambaran'ny Tompo ao amin'ireo andininy ireo?

## Naverin'ny Tompo tamin'ny laoniny ireo fahamarinana "tsotra sy sarobidy" tamin'ny alalan'ny Dikantenin'i Joseph Smith.

Efa nandre ve ianao fa misy fahamarinana lehibe sasany tsy hita na tsy mazava ao amin'ny Baiboly? Boky azo itokisana sy nentanim-panahy ny Baiboly. Na izany aza dia nampianatra i Nefia fa misy "zavatra tsotra sy sarobidy" tsy hita na tsy mazava (1 Nefia 13:28–29). Ohatra, ny batisa dia tsy voalaza mivantana ao amin'ny Baiboly raha tsy ao amin'ny Testamenta Vaovao, ary ny tantaran'i Noà ao amin'ny Baiboly dia tsy manazava fa ny Tompo dia nampitandrina ny olona ary nanome azy ireo fahafahana hibebaka talohan'ny handefasany ny safo-drano.

Vakio ny Mosesy 6:64–66; 8:16–17, 20 mba hahitana ny fomba namerenan'ny Tompo tamin'ny laoniny ireo fahamarinana sarobidy ao amin'ny Dikantenin'i Joseph Smith.

- Amin'ny fomba ahoana izy io no manampy antsika hahafantatra ankehitriny fa ny batisa dia didy hatramin'ny andron'i Adama?
- Amin'ny fomba ahoana izy io no manampy antsika hahafantatra fa ny Tompo dia manasa antsika hibebaka hatrany ary vonona ny hamela antsika?
- Ahoana no anampian'ireo fahamarinana ireo hitarika antsika ho amin'ny famonjena amin'ny alalan'i Jesoa Kristy?

## Ny fanambaran'ny Tompo ao amin'ny Dikantenin'i Joseph Smith dia nitarika ho amin'ny fanambarana fanampiny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.

Efa nanampy anao hahazo fanambarana fanampiny ve ny fandalinana soratra masina? Nitranga tamin'i Joseph izany. Fotoana fohy taorian'ny nianarany tao amin'ny fandikan-teny nentanim-panahy ny momba an'i Enoka sy ny olony izay nanorina an'i Ziona (jereo ny Mosesy 7:18–21), dia nanambara toromarika tamin'i Joseph ny Tompo mba hanampiana ny Olomasina ho lasa vahoakan'i Ziona (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38, 42, 45).

Ohatra iray hafa momba izany no nitranga rehefa nandika teny i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon Jaona 5:29. Nanana fanontaniana momba ny lanitra sy ny helo izy ireo izay nitarika ho amin'ny fahitana iray miavaka voarakitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76. Io fahitana io dia nahitana fahamarinana momba ireo ambaratongam-boninahitra telo azon'ny olona lovana aorian'ity fiainana ity.

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24, 50–53, sy ny 58–62, ary asio marika ny zavatra nianaranao momba an'i Jesoa Kristy sy ny fomba ahafahantsika miverina miaina miaraka Aminy sy ny Ray any An-danitra.

- Inona avy ny teny na andian-teny nasianao marika? Nahoana?
- Nahoana no mety ho feno fankasitrahana ny olona iray mahafantatra ireo fahamarinana ireo?

## Nanome fahazavana ara-potopampianarana sy hevi-baovao fanampiny momba ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Baiboly ny Tompo tamin'ny alalan'ny Dikantenin'i Joseph Smith.

Ankoatra ny ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy, fantatrao ve hoe aiza no ahitana ny Dikantenin'ny Baiboly nataon'i Joseph Smith? Maro no hita ao amin'ny Fantina avy amin'ny Dikantenin'i Joseph Smith ao amin'ny Baiboly ao ambadiky ny soratra masina na ao amin'ny Tovana Dikantenin'i Joseph Smith hita ao amin'ny fizarana Fanampiana amin'ny

fandalinana ao amin'ny application Médiathèque de l'Évangile. Ianaro ny fomba fampiasana ireo loharanom-pitaovana ireo amin'ny fijerena ny ohatra sy ny fanazavana etsy ambany.

### FANTINA AVY AMIN' NY BAIBOLY DIKANTENIN' I JOSEPH SMITH

Izao manaraka izao dia ampahany nofantenana tao amin' ny Baiboly King James Version, Dikantenin' i Joseph Smith (DJS). Notaomin' ny fanahin' ny Tompo i Joseph Smith Mpaminany mba hamerina ao amin' ny lahatsoratry ny Baiboly ireo fahamarinana izay efa very na novana hatramin' ny nanoratana voalohany ireo teny. Ireo fahamarinana naverina indray ireo dia nampahazava ny fotopampianarana sady nanatsara ny fahatakarana ny soratra masina. Ireo andalana nofantenana ho an' ny Torolalana dia tokony hanatsara ny fahatakaranao ny soratra masina, na inona na inona ny fiteny andikana izany.

Noho ny nanambaran' ny Tompo tamin' i Joseph ireo fahamarinana sasantsasany izay noraketin' ireo mpanoratra voalohany fahiny, ny Baiboly Dikantenin' i Joseph Smith dia tsy mitovy amin' ny Baiboly dikanteny hafa eto amin' izao tontolo izao. Eo amin' izay lafiny izay, ny teny hoe dikanteny dia ampiasaina amin' ny heviny malalaka sy hafa kokoa noho ny mahazatra, satria ny *dikantenin'* i Joseph dia miendrika fanambarana fa tsy dikanteny ara-bakiteny avy amin' ny fiteny iray ho amin' ny iray hafa. Ho fampahafantarana misimisy kokoa momba ny DJS dia jereo ny "Dikantenin' i Joseph Smith" (DJS) ao amin' ny teny araka ny lohahevitra, ao amin' ny Torolalana.

Ireto ohatra manaraka ireto dia mampiseho santionany nofantenana avy tamin' ny DJS:

Ny toko sy andininy izay matevina ny sorany dia andalana avy ao amin' ny Baiboly King James ka hita ao amin' ny Dikantenin' i Joseph Smith. Koa satria nampiditra indray ny teny sasany ho ao anatin' ny Baiboly ny dikanteniny, dia mety tsy hitovy amin' izay ampiasainao ny filahatr' ireo andininy.

**DJS, Matio 4:1, 5–6, 8–9** (ampitahao amin' ny Matio 4:1, 5–6, 8–9; fanovana toy izany koa no natao tao amin' ny Lioka 4:2, 5–11)

Ao anaty fononteny ny toko sy andininy ao amin' ny Baibolinao izay tokony hampitahainao amin' ny dikantenin' i Joseph Smith.

*(Ny Fanahy no nitarika an' i Jesoa fa tsy i Satana.)*

Izany filazana izany dia mivaofy ny fotopampianarana izay nohazavain' i Joseph Smith tamin' ny dikanteniny.

1 Dia notarihin' ny Fanahy hankany an' efitra i Jesoa mba hiaraka amin' Andriamanitra.
5 Dia nentina hankao an-tanàna masina i Jesoa ka nampitoetra Azy teo an-tampon' ny tempoly ny Fanahy.
6 Dia nanatona Azy ny devoly ary nanao hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Ianao dia mianjerà any ambany any, fa voasoratra hoe: Izy handidy ny anjeliny ny Aminao ary eny an-tanany no hitondran' ireo Anao fandrao ho tafintohina amin' ny vato ny tongotrao.
8 Ary tao amin' ny Fanahy indray i Jesoa, ary izany dia nitondra Azy ho any an-tendrombohitra avo izaitsizy tokoa ary nampiseho Azy ny fanjakana rehetra eto amin' izao tontolo izao mbamin' ny voninahiny.
9 Ary tonga teo Aminy indray ny devoly ary nanao hoe: Izao zavatra rehetra

Izany dia lahatsoratra araka izay nandikan' i Joseph Smith azy.

Amin'ny fiteny sasany dia azo jerena ao amin'ny fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy ao amin'ny edisiôn'ny Baiboly an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny andalan-tsoratra masina ao amin'ny Dikantenin'i Joseph Smith na ao amin'ny "Related Content" amin'ny endrika elektrônika.

Vakio ireto andalan-tsoratra masina ao amin'ny Baiboly manaraka ireto, dia ampiasao ny Dikantenin'i Joseph Smith mba hamantarana ireo fiovana nentanim-panahy.

Jaona 1:16–18 (Dikantenin'i Joseph Smith, Jaona 1:16–19)

Jaona 4:24 (Dikantenin'i Joseph Smith, Jaona 4:26)

Jaona 6:44 (Dikantenin'i Joseph Smith, Jaona 6:44)

- Inona no ampianarin'ireo fanovana natao ireo anao momba an'i Jesoa Kristy?
- Nahoana no fitahiana ny fananana ireo tantara ireo?



© 2023 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_153-1